Sorona manokana

# Fety
# Notre-Dame du Cénacle


Sabotsy manaraka ny Fiakarana



- Choisissez Fichier > Imprimer
- Choisissez une imprimante dans le menu
- Sous Dimensionnement et gestion des pages, sélectionnez Livret
- Sélectionnez l'une des options suivantes :

  Recto verso (Imprimantes recto verso) imprime automatiquement des deux côtés du papier, si votre imprimante prend en charge l'impression recto verso automatique,

  ou Recto / Verso (pour les imprimantes non recto verso). Si votre imprimante ne peut pas imprimer automatiquement des deux côtés, imprimez d'abord les feuilles sur le recto. Rechargez ensuite les pages dans le bac et imprimez le verso.



PDF multipage imprimé sous forme de livret : quatre pages par feuille, imprimées recto-verso, reliure à gauche.

Illustration de la couverture: free license pixabay

Ce livret a été téléchargé sur le site www.cenacle-gen.org
© Congrégation Notre-Dame du Cénacle

# SORONA MANOKANA

ARCHIVES GENERALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## An' ny Fikambanan' i
## NOTRE DAME DU CENACLE

Foibe Katolika momba ny Fivavahana
amin' Andriamanitra

Prot. N° 171/86

*HO AN' NY FIKAMBANAN' NY MASERA NOTRE-DAME DU CENACLE*

*Noho ny fangatahan' i Mamera Lydia NOTO, Lehiben' ny Fikambanan' ny Masera Notre-Dame de la Retraite au Cénacle, eran-tany, ao amin' ny taratasy nalefany tamin' ny 10 janoary 1986, ary noho ny fahefana manan-kery nomen' ny Papa Joany Paoly faha-2 an' ity Foibe Katôlika ity, dia ankatoavinay sy hamafisinay amin' ny fonay tokoa, ny teny frantsay nanoratana ireo Sorona Masina sy Vavaka fanamasinana ny andro, araka izay voalahatra ao amin' ny Boky miaraka amin' ity fankatoavana ity.*

*Ao amin' izay boky hatonta printy, dia aoka hampahatsiahivina ny fankatoavana nataon' ny Manampahefana eo amin' ny Fiketrahan' ny Apôstôly. Ary aoka handefasana boky roa amin' ireo vita printy, aty amin' ity Foibe Katolika ity.*

*Tsy mahasakana an' izao, izay fepetra mifanohitra aminy.*

*Avy eto amin' ny Foibe Katôlika momba ny Fivavahana amin' Andriamanitra, androany 16 avrily 1986.*

*Kardinaly PAUL AUGUSTIN MAYER, osb*
*Filoha*

*† Vergilius Noè*
*Arseveka mitondra ny anaran' ny Voncarie Mpitantsoratra*

## SABOTSY MANARAKA NY FIAKARANA

### Fankalazana manetriketrika an' i NOTRE-DAME DU CENACLE

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

Tamin' ny taona 1886 no nandraiketana an' izao andro izao ho fankalazana ny Mpiaro ny Fikambanan' ny Masera Notre-Dame du Cénacle.

Andro ankalazana an' ilay mistery tantaraina ao amin' ny Asan' ny Apôstôly (Asa 1, 12-14), fotoam-pivavahana voalohany nivorian' ny Fiangonana vao niorina, niaraka tamin' i Masina Maria, niandry sy niantso ny Fanahy Masina tamin' ny vavaka sy ny fandinihana ma-

sina, hidina sy haniraka ny Apôstôly handeha hatrany amin' ny faravazantany.

Izany mistery izany no mitarika ny fiainan' ny Maseran' i Notre-Dame du Cénacle, sy ny asa nanirahana azy, amin' ireto lafiny telo ireto: asan' apôstôly, fivavahana, ary fiaraha-monina toy ny mpiray tam-po.

# SORONA MASINA

ARCHIVES GENERALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## Tononkira fidirana

Asa 1, 14

*« Niray saina ny Apôstôly ary naharitra nivavaka, niaraka tamin' ny vehivavy sasany sy i Maria Renin' i Jesoa ary ny Rahalahiny »* Aleloia.

*VONINAHITRA ANIE...*

## Fangatahana

Ry Tompo Andriamanitray ô,
novorînao tao amin' ny Senakla ireo Apôstôly
nivavaka niaraka tamin' i Maria
ary nofenoinao ny Fanahinao Masina
mba ho mpitondra ny teninao ;
koa ataovy maharitra mivavaka
  tahaka azy ireo izahay,
ary mba tafio ny hery avy any ambony
hanambarànay ny Vaovao Mahafaly
  amin' ireo havanay.
Amin' ny alalan' i Jesoa Kristy
  Zanakao Tomponay
izay Andriamanitra velona sy manjaka
  miaraka aminao
ao amin' ny Fanahy Masina
amin' ny taona rehetra mandrakizay. *Amen.*

**na hoe :**

Andriamanitra ô,
Ianao naniraka ny Fanahy Masina
hidina tamin' ny Apôstôly
fony izy nivavaka niaraka tamin' i Maria
Renin' i Jesoa ;
koa enga anie izahay noho ny vavaka ataony
mba hahay hanompo Anao amin' ny fonay tokoa
sy hiasa hanitatra ny voninahitrao
amin' ny teny lazainay sy ny toetra asehonay
Amin' ny alalan' i Jesoa Kristy
Zanakao Tomponay
izay Andriamanitra velona sy manjaka
miaraka aminao
ao amin' ny Fanahy Masina,
amin' ny taona rehetra mandrakizay. *Amen.*

## Fankalazana ny Tenin' Andriamanitra

« Fo sy Fanahy vaovao no homeko anareo »

**VAKITENY I :**

### Bokin' I Ezekiela Mpaminany 36, 24-28

**Hoy ny Tompo Andriamanitra hoe : « Halaiko avy any amin' ny firenena ianareo, hangoniko avy any amin' ny tany rehetra ka hampodiko eo amin' ny taninareo. Hofafazako rano madio ianareo, dia hadio ; ny faha-**

**lotoanareo rehetra mbamin' ny fahavetavetanareo rehetra hataoko afaka aminareo.**
**Homeko fo vaovao ianareo, ary hasiako fanahy vao-vao ao anatinareo ; hesoriko amin' ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo.**
**Hataoko ao anatinareo ny Fanahiko, ary hataoko manaraka ny fitsipiko ianareo, ka hitandrina ny didiko, sy hanaraka izany.**
**Honina eo amin' ny tany nomeko ny razanareo iana-reo, dia ho vahoakako ianareo, ary izaho ho Andria-manitrareo ».**

## **Salamo** 47 (48) 2. 3. 4, 9-11

Fiv. *Mametsovetso ny hatsaram-ponao izahay*
*ao anivon' ny tempolinao, ry Andriamanitra !*

Ny Tompo lehibe sy mendri-dera indrindra,
ao amin' ny tanànan' ny Andriamanitsika !
Ny vohiny masina tsara fideza,
fifalifalian' ny tany tontolo.

Ny vohitra Siôna : any am-parany avaratra,
Tanànan' ny Mpanjaka ambony.
Na eo aza anefa ireo tilikambo,
Andriamanitra no tena fiarovana avo.

Izay henonay no mbola hitanay
ao an-tanànan' ny Tompon' ny tafika,
ao an-tanànan' ny Andriamanitray :
hataony mijoro mandrakizay.

Izahay ao an-tempolinao
mametso ny fitiavanao
Ny voninahitrao, Andriamanitra
mitatao ny tany tontolo.

ARCHIVES GENERALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## VAKITENY II :

« Niray saina izy rehetra, ary naharitra nivavaka niaraka tamin' ny vehivavy sasany sy i Maria Renin' i Jesoa »

## Boky mitantara ny Asan' ny Apôstôly

1, 6-14

**« Nony tafatsangan-ko velona i Jesoa, dia tafangona teo aminy ny mpianany ary nanontany azy hoe : Tompoko, amin' izay va no fotoana hanangananao ny fanjakan' Israely indray ? Fa hoy ny navaliny azy ireo : Tsy anareo ny mahalala ny andro na fotoana izay efa nalahatry ny Ray amin' ny fahefany. Fa rehefa hidinan' ny Fanahy Masina ianareo dia hahazo hery, ka ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran' i Jodea ary Samaria ka hatrany amin' ny fara vazantany ».**

**Nony efa nilaza izany izy, dia nakarina teo anatrehan' izy ireo ; ary nisy rahona nanakona azy, ka tsy hitan' ny masony intsony izy. Raha mbola nibanjina ny lanitra teo izy ireo, tamin' i Jesoa nisondrotra nisondrotra ihany, dia indreo nisy roa lahy niakanjo fotsy niseho teo anilany, nanao hoe : Ry lehilahy avy any Galilea, nahoana ianareo no mijanona eto mibanjina**

**ny lanitra ? Iny Jesoa nalaina taminareo ho any an-danitra iny, dia mbola ho avy indray tahaka ny nahitanareo azy niakatra any an-danitra.**

**Tamin' izay izy ireo dia niverina tany Jerosalema, avy teo amin' ny tendrombohitra atao hoe Oliva, izay làlana azo aleha Sabata raha eo Jerosalema. Nony tonga dia niakatra tao amin' ilay rihana fitoerany izy ireo dia Piera sy Joany, Jakoba sy Andre, Filipo sy Tomà, Bartelemy sy Matio, Jakoba zanak' i Alfe sy Zeloty, ary Joda rahalahin' i Jakoba. Niray saina izy rehetra, ary naharitra nivavaka niaraka tamin' ny vehivavy sasany, sy Maria Renin' i Jesoa, ary ny rahalahiny.**

## Fiĥobiana

Aleloia, Aleloia. Hangataka amin' ny Ray aho, ka homeny Mpanafaka alahelo hafa ianareo, mba hitoetra ao aminareo mandrakizay.
Aleloia. Jo 14, 16

**VAKITENY III :**

## Evanjely Masina nosoratan' i Md Lioka

24, 44-53

« Mitoera ao an-tanàna ianareo mandrapandrainareo ny hery avy any ambony »

**Tamin' izany andro izany, i Jesoa tafatsangan-ko ve-**

**Iona dia niseho tamin' ny mpianany ary nanao tamin' izy ireo hoe : « Izao no voalazako taminareo fony mbola teo aminareo aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra voasoratra momba ahy ao amin' ny Lalàn' i Moizy sy ny Mpaminany ary ny Salamo. Dia nosokafany ny sain' izy ireo hahafantatra ny Soratra Masina. ka hoy izy taminy : araka ny voasoratra dia tsy maintsy hijaly ny Kristy sy hitsangana amin' ny maty amin' ny andro fahatelo, ary tsy maintsy torîna amin' ny firenen-drehetra, miatomboka amin' i Jerosalema, ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin' ny anarany. Ianareo no vavolombelon' izany. Ary Izaho kosa haniraka aminareo ilay nampanantenain' ny Raiko ; fa mitoera ao an-tanàna ianareo mandrapandrainareo ny hery avy any ambony ».**

**Dia nentiny hivoaka ny tanàna hatrany Betania izy ireo, ary nanandratra ny tànany izy ka nitso-drano azy. Raha mbola nitso-drano azy izy, dia nisaraka taminy, ka nakarina any an-danitra. Iretsy kosa, rahefa avy nitsaoka azy, dia niverina tany Jerosalema tamin-kafaliana lehibe, ary tao anatin' ny tempoly mandrakariva izy ireo nidera sy nisaotra an' Andriamanitra.**

Amena.

ARCHIVES GENERALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

na **FIHOBIANA :**

Aleloia, Aleloia. Sambatra i Maria Virjiny, nihaino sy nankato ny tenin' Andriamanitra, ary nieritreritra azy tao am-pony. Aleloia. Lk 8, 21, 2, 19

## Evanjely Masina nosoratan' i Md Joany

17, 11b-19

Vavaka lehibe nataon' i Jesoa
« Hamasino amin' ny fahamarinanao izy ireo »

**Ray Masina ô, tahirizo amin' ny anaranao izay nomenao ahy, mba ho iray tahaka antsika izy. Raha mbola teo amin' izy ireo aho, dia nitahiry azy tamin' ny anaranao. Eny, nitahiry izay nomena ahy aho, ka tsy nisy very izy na dia iray aza, afa-tsy ilay zanaky ny fahaverezana, mba ho tanteraka ny Soratra Masina. Ankehitriny mankany aminao aho, ka manao izany fangatahana izany dieny mbola amin' izao tontolo izao, mba hananan' izy ireo ny fifaliako tanteraka ao aminy. Nomeko azy ny teninao, ka hananan' izy ireo ny fifaliako tanteraka ao aminy. Nomeko azy ny teninao, ka halan' izao tontolo izao izy ireo, satria tahaka ny tsy maha-olon' izao tontolo izao ahy no tsy maha-olon' izao tontolo izao azy koa. Tsy ny hanesorana azy amin' izao tontolo izao no angatahiko, fa ny hiarovanao azy amin' ny ratsy. Tahaka ny tsy maha-olon' izao tontolo izao ahy no tsy maha-olon' izao tontolo izao azy ireo koa. Ankamasino amin' ny fahamarinana izy ireo. Ny teninao no fahamarinana. Tahaka ny nanirahanao ahy ho amin' izao tontolo izao no nanirahako azy ho amin' izao tontolo izao koa. Manamasina ny tenako ho azy ireo aho, mba ho hamasinina amin' ny fahamarinana koa izy.**

**Fiekem-pinoana :** ZAHO MINO

## Vavaka fanolorana

Raiso amim-pitiavana, ry Ray Masina,
ny fanatitra atolotray Anao,
amin' izao fankalazana an' ny Maria Virjiny
ao amin' ny Senakla izao ;
ary enga anie izahay miombona anjara
amin' ny Sorona Masina,
homenao fahasoavana hanolo-tena
hiasan' ny Fanahy Masina,
mba ho voninahitrao lehibe indrindra
sy ho famonjena an' izao tontolo izao.
Amin' ny alalan' i Kristy Tomponay. *Amen.*

ARCHIVES GENERALES
NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

## Prefasy

Mendrika sy rariny tokoa
ary mety sady mahavonjy,
ny midera Anao sy misaotra Anao
lalandava hatraiza hatraiza
ry Tompo, Ray Masina,
Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra
sy mandrakizay.

Fa nomenao ohatra mahagaga momba
ny firaisam-po sy ny vavaka izahay,
tamin' ny nataon' ny Fiangonanao
tao amin' ny Senakla :
satria i Maria Renin' i Jesoa
dia nivavaka, niray fo tamin' ny Apôstôly.
Fa izy ilay efa nivavaka

niandry ny hiavian' i Kristy
dia nafana fo niantso ny Fanahy Mpankahery
nampanantenaina.
Izy ilay nalofan' ny Fanahy Masina
tamin' ny Teny naka nofo,
dia nofenoinao ny fanomezana avy any ambony
teo amin' ny nahaterahan' ny vahoakanao vaovao.
Izy Maria Virjiny no ohatra velona
ho an' ny Eglizy malalan' i Kristy,
tarihin' ny Fanahy Masina.
Koa amin' ny alalan' i Kristy,
ireo Anjely tsy tambo hisaina
vory eo anatrehanao
dia mitsaoka Anao be voninahitra.
Mba avelao hikambana amin' ny feon' izy ireo
ny feonay
hihoby sy hankalaza Anao manao hoe :

ARCHIVES GENERALES NOTRE-DAME DU CENACLE ROME

MASINA, MASINA...

## Tononkira amin' ny Komônio    Asa 2, 42

Nazoto tamin' ny fampianaran' ny Apôstôly sy ny famonjem-pivoriana ny mpianatra, ary tamin' ny famakiana ny mofo sy ny fivavahana rehetra. Aleloia.

## Vavaka aorian' ny Komônio

Tompo ô,
nohavaozinao tamin' ny fifampizarana mofo iray

iombonana izahay
amin' izao fankalazana
an' i Maria Virjiny tao amin' ny Senakla izao.
Koa mba ataovy miray fo izahay hiasa
hampiray ireo havanay rehetra
novonjen' i Kristy.
Fa Izy velona sy manjaka
amin' ny taona mandrakizay. *Amen.*

## Tso-drano

Enga anie Andriamanitra hanampy antsika
ho vonon-kandray ny teniny mandrakariva
tahaka an' i Masina Maria. *Amen.*

Enga anie Izy hampiray antsika hiombom-bavaka
ary hiantso ny Fanahy Masina
hidina eo amin' izao tontolo izao. *Amen.*

Enga anie ny afon' ny Fanahiny Masina
hahenika antsika sy hahamendrika antsika
ho irak' Andriamanitra sy ho mpitondra
ny teniny. *Amen.*

Hitso-drano antsika anie
Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra :
ny Ray, sy ny Zanaka, sy ny Fanahy Masina.

*Amen.*

***Dikateny 16-3-91***

Imprimatur
22 febroary 1992
Cardinal Victor Razafimahatratra
Arseveken' Antananarivo